**Sabata 22 Mars 2025 – Deaprtemanta PARL**

**Andro natokana ho fahatsiarovana ny tolom-pahafahana sy ny fitiavan-tanindrazana nataon'ireo maherifon'ny firenena tamin'ny hetsiky ny 1947.**

# TOLOM-PANAFAHANA SY FITIAVAN-TANINDRAZANA

## FAMPIDIRANA

Efa mizaka ny zo sy satan'ny fahafahana isika malagasy nanomboka tamin'ny taona 1960 mandraka ankehitriny, isaorana an'Andriamanitra. Kanefa mbola betsaka ny olana izay manakatsakana antsika tsy hiaina amin'ny fahafahana tanteraka. Mila miaina amin'izany fahafahana tanteraka izany isika. Inona no atao hahatanteraka izany ? Tantaran' ny tolom-panafahana nataon'i Gideona no handeha arahintsika sy hakana lesona.

## FAMELABELARANA

ZAVA-MISY teo amin'ny Zanak'Israely :Mpitsara 5

- Nijaly ny Zanak'Isiraely noho ny famaboana nataon'ny Midiana taminy (and. 5)
    - Noravan'izy ireo ny tanimboalobony sy ny famboleny
    - Nentiny an-keriny ny biby fiompiny
    - Nanao an-diany maro izy ireo tamin'izany ary tsy navelany raha tsy ritra ny fiveloman'ireo Isiraely ireo.
- Nahantra indrindra ry zareo nanoloana an'ireto fahavalony ireto (and. 6a)
- Nitaraina tamin'i Jehovah Andriamaniny ry zareo hanafaka azy (and. 6b)
- Niantso an'i Gideona Andriamanitra ho irany hanafaka ny Zanak'Isiraely amin'ny famaboan'ny Mediana.

ADY ANKEHITRINY ETO MADAGASIKARA

- Tsy ady amin'ny mpanjanaka mivantana intsoy no misy eto Madagasikara.
- Fa ady amin'ny FAHANTRANA
    - Fahantrana ara-moraly sy ara-panahy. « Tsy mahantra manam-pahaizana i Madagasikara, fa MAHANTRA OLO-MARINA, olona matahotra an'Andriamanitra sady mifady ny ratsy.
    - Vokatr'izany dia ny fahantrana ara-ekonomika.
        - Be ireo kolikoly izay mambotry ny firenena.
        - Tsy fandriam-pahalemana manerana an'i Madagasikara

FOMBA NIANTSON'ANDRIAMANITRA AN'I GIDEONA

- « Jehovah momba anao ry Lehilahy mahery » (Mpitsara 6 :12)
- « Mandeha amin'izao herinao izao hamonjy ny Isiraely « (and. 14)

FOMBA NIATREHAN'I GIDEONA NY ADY

1.Fisafidianana ny olona hanafika

b. Tsy hamaroana( 32 000 isa) fa ny toetran'ny mpanafika, koa nesorina ireo :
- mpirehareha (7 :2)
- matahotra sy mangovitra (7 :3)

Vokany : 22 000 no niverina nody

b. Mbola maro ihany ny mpanafika (7 :4), mila anesorana :
- Ireo nitsitsy ny ainy ka nampandefitra ny iraka (7 :5,6)

Vokany : 300 sisa ireo miaramila vonona.

2. Paikady fanafihana
    a. Midina any amin'ny toby amin'ny alina (7 :9). Vonona mandrakariva hamita iraka.
    b. Raha tsy mahasahy midina irery dia midina miaraka amin'ny zatovo (and. 10). Mila mpiara-miasa akaiky.
    c. Mihaino ny resaka miabo ataon'ny olona (and. 11,13,14)
    d. Mivavaka alohan' ny hanatanterahana ny iraka (and. 15)

« Matetika no fomba faran'izay tsotra no enti-mizaha toetra ny olona. Ny olona izay tena dodona ho afa-ketaheta, amin'ny fotoan'ny loza, dia tsy anisan'ireo olona azo itokisana. Tsy misy toerana ho an'ny olona kalemilemy sy malaina eo amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra. Ny olona izay manao ny adidy ho ambon'ny mahafinaritra ny tenany no voafidy. Koa ireo telon-jato lahy ary, dia tsy hoe akory olona be herim-po sy manana toetra tony ihany, fa koa olon'ny finoana. » Ellen White. PP. 580

Mila Gideona sy 300 lahy moderina ny malagasy, hanafika hanafaka ny fahantran'ny malagasy. Lehilahy tsy azo vidina na amidy, mijoro amin'ny fahamarinana na hikoro aza izao tontolo izao. Olona voazaha toetra no miatrika ny ady ho amin'ny tolom-panafahana ara-panahy sy ara-moraly.

**FAMINTINANA**

- Vanim-potoanan' ny fanavaozana izao. Madagasikara afaka sy mandroso ary malagasy miaina amin'ny fahafahana tanteraka no tadiavina.
- Mila kristiana vonona hiara-miasa amin'ny fanjakana hanatanteraka izany tanjona lehibe izany.
- Tsy ho tanteraka anefa izany raha tsy Jehovah Andriamanitra no maniraka sy momba ny dingana tsirairay avy.
- Mila olon'ny finoana sy be herim-po

Pastora RABENARIVO Jim Hervé
Talen'ny Departemanta ny PARL
sy Filohan'ny FMNO